## ANALAMAHITSY

# PAKISTANEY 2 SY MALAGASY 2 NAHATRA-RANA ZANAKA "BAOBAB" 1 000 FOTOTRA


4

## MARINA IZANY ! 7
## MIVAIVAY NY TSIKERA !

## Izy no izy

### SIDONIE FIADANANTSOA

## KALAZA-VAVY AMIN' NY BAOLINA KITRA



3


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7635 | Taona faha-25 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Zoma 04 aogositra 2023


### RAPO ATLAS NICHOLS NAKANY



## NISOLO TENA NY TANORA MPITARIKA MALAGASY TANY EGYPTA

2

## FIANARANTSOA 8

# HAMPIKATSO NY FAMPIANARANA REHETRA NY SAMPANA SECES

## FMKT : OLON'NY TETEZAMITA TALOHAN'NY 2013 7



# MANAO TSINDRY HANANGANANA GOVERNEMANTA IRAISANA

### ASIEF 3
### TOMPONDAKAM-PIRENENA

## MITARIKA NY MINISITERAN' NY FIAROVAM-PIRENENA

### RAHARAHA CNaPS 8

## VOATENDRY NY TALE JENERALY, HANAO FIVORIAMBE NY MPIASA

### FESTIVAL SÔMAROHO 2

## MARO BE NY OLONA TONGA ANY NOSY BE




Rapo Atlas Nichols Nakany

# Nisolo tena ny tanora mpitarika malagasy tany Egypta

*Ilay mpanakanto sady filohan'ny "Mouvement Panafricain des Leaders", Rapo Atlas Nichols Nakany no nisolo tena ny tanora malagasy niatrika ny Nasser Folloship notanterahina tany Egypte. Zava-dehibe ny fanatrehana izany, indrindra fa ho an'ny tany andalam-pandrosoana sy maro tanora toa antsika eto Madagasikara. Nisy ny tafa nifanoavana taminy teny am-pahatongavana ka indro fintinina ny tena zava-dehibe.*

**GAZETIKO: Nisolo tena ny Malagasy tany Egypte mikasika ny "Nasser Follow ship" ianao! Inona marina moa izy io? Inona no tanjon'ny mpikarakara?**

**Rapo Atlas**: Ny "Nasser Fellowship" dia vatsim-piofanana iraisampirenena iray karakarain'ny fanjakana egyptiana. Ny filohan'ny repoblika ao Egypta, Abdel Fattah al-Sissi, no anisan'ny namorona azy nanomboka ny taona 2019. Ny tanjona dia ho fanamafisana orina ny fifandraisana sy firaisankina eo amin'ireo tanora mpitarika maneran-tany amin'ny alalan'ny fifampizarana traikefa sy fampiofanana maro mifototra amin'ny « Leadership International" sy "Youth diplomacy" ary ny "Bonne Gouvernance».

**Gaz : Inona ny anjara biriky nentinao manoloana izany?**

**Rap**:Ny anjara biriky nentiko dia ny fampahafantarana bebe kokoa an'i Madagasikara hatrany eo amin'ny lafiny sosialy, toekarena, politika , fa indrindra ny kolontsaina. Izany rehetra izany dia tamin'ny alalan'ny lalantsaina sy ideolojia panafrikanina no nitondrana azy. Mbola maro ny olona mieritreritra fa "sary miaina" ilay Madagascar fa tsy tena misy. Noezahiko naseho sy nasongadina tany koa fa manana tanora mavitrika, mahay, ary vononona hitondra anjara biriky amin'ny fampandrosoana i Gasikara saingy tsy ampy fampiofanana, toy io "Nasser Fellowship" io, mba hoentina manefa tsara ny fahaizamanao sy ny traikefa ananana.

**Gaz: Inona ny tombotsoa ho azo taorian'ny fihaonana?**

**Rap:** Maro ny tombotsoa ho azo, ka ny voalohany amin'izany ny fahafahana mijery izay afaka miara-miasa eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Faharoa, ny fahafantarana ny paikady sy teknika nampiharin'ny firenena hafa ka nampandroso azy eo amin'nysehatra rehetra. Fahatelo farany, ny fahazahoana traikefa vaovao hozaraina amin'ireo tanora malagasy tsy vaky volo, ho fampiroboroboana azy ireo amin'izay sehatra iantsorohany, mba hananan' i Gasikara tanora miranga (mandroso,mifoha) vonona hampiranga azy.

**Gaz: Inona no mety ho sakana?**

**Rap:** Tsy dia mahita sakana loatra aloha aho. efa eo am-pamolavolana tetikasa maro izaho sy ireo namako ao anaty "Mouvement Panafricain des Leaders" ankehitriny. Miompana tanteraka amin'ny fampiroboroboana ny tanora izy io. Ny nofinofinay dia ny mba hahamaro ny tanora mifoha, mandray an-tanana ny ho aviny sy tompon-andraikitra manoloana ny fireneny. Ny tanora "miranga" no angovo lehibe tsy manam-paharoa afaka hitondra ity Madagasikara malalantsika ity miakatra, satria any aminy avokoa ny hery voajanahary rehetra hoentina miady.



**Anisan'ny mampiaiky ireo namana vahiny niaraka tamiko nandritra ny " Nasser fellowship " ny fananantsika harena maro be sady miavaka, na an-tanety na an-drano, na ambany tany.**

**Gaz: Aminao, ilaina ve ny fihaonam be tahaka ireny?**

**Rap:** Isika moa dia nataon-janahary ho nosy, koa raha ny amiko manokana dia ilaina izy ireny mba hahafahana mahafantatra ny zava-misy any ivelany, eny fa na dia eo amin' ireo firenena afrikanina namatsika aza. Mba hahafahana mandrefy ihany koa hoe aiza ho aiza tokoa moa izany isika amin'izao?. Raha te hivelatra sy handroso ihany koa dia ilaina ny misokatra sy mifandray amin'ny hafa. Anisan'ny tombontsoa lehibe amin' izany ny nahazoako namana vaovao maro manana vina sy hambo-po avy amin'ny firenena 60 manerantany tamin'iny fihaonana iny.

**Gaz: Tanora 155 manerana an'i Afrika no niatrika ny fihaonana. Inona no heverinao fa nampiavaka antsika?**

**Rap:** Tsy tanora afrikanina ihany no nandray anjara tamin'iny fa teo ihany koa ireo tanora maro avy any Amerika sy Eropa ary Asia. Ny nampiavaka antsika dia ny fahaizana mifandray amin'ny hafa eo amin'ny sehatra rehetra, fa indrindra manoloana ireo fahasamihafana ara-kolotoraly. Anisan'ny tena somary sarotsarotra ny hiainana izany rehefa anaty fihaonambe toy izao. Isika Malagasy koa dia olona tsotra sy mora mifandray, koa dia nizotra tsara araka izay tokony ho izy ny fifandraisana tamin'ireo namana hafa .

**Gaz: Ankoatra ny "Nasser Followship", nisy fotoana nahafahanao nitondra ny mozika sy kolontsaina malagasy ve? Afaka nifampizara ve?**

**Rap:** Mazava ho azy fa tsy maintsy manaraka eny foana ny mozika sy kolontsaina. Anisan'ny tombontsoa lehibe ahafahana mampisongadina azy ihany koa ny fihaonambe toy ireny. Ny fotoana nahafahako naneho ny talentako dia nandritra ny fitsidihanay ny "Canal de Suez". Nanolotra mozika aho tamin'izany teny ambony sambo. Fotoana tokana ary tsy hohadinoina mandrakizay. Teo ihany koa ny tamin'ny fiaraha-misakafo hariva niaraka tamin'ireo mpikatroka teny amin'ny Pyramida. Ary ny farany dia tamin'ny lanonam-panakatonana ara-pomba ofisialy ny "Nasser fellowship 2023" . Ny mozika dia sonia ho an' ny maha isika antsika Malagasy. Miezaka mizara mozika foana aho rehefa mivoaka an'i Madagascar na dia tsy misy ifandraisany amin'izany aza ny anton-diako any.

**Gaz: Ahoana ny fahitanao irero firenena hafa raha resaka fanehoan-kevitra?**

**Rap:** Tena sahy mijoro amin'ny heviny ireo firenena hafa, indrindra ireo firenena namantsika afrikanina.

**Gaz: Tena mahantra tokoa ve isika?**

**Rap:** Raha eo amin'ny lafiny ara-toekarena aloha no jerena dia hita sy tsapa fa latsaka anaty fahantrana lalina ny firenena ankehitriny. Manan-karena kosa anefa isika raha eo amin'ny lafiny harena voajanahary no jerena. Anisan'ny mampiaiky ireo namana vahiny niaraka tamiko nandritra ny « Nasser fellowship » ny fananantsika harena maro be sady miavaka, na an-tanety na an-drano, na ambany tany ….. saingy indrisy tsy haitsika ny manome lanja sy mitantana araka izay tokony ho izy azy ireo mba ho an'ny tombontsoantsika, ka lasa ny vitsy an'isa sy ireo vahiny ihany no misitraka tombontsoa avy amin'izany. Tsapako koa hoe « Harena be ho antsika Malagasy ilay fanànantsika teny tokana ahafahana mifandray. Misy manko vahoaka ao anaty firenena iray fa tsy mifankahazo satria samy manana ny fiteniny. Koa mila haintsika ny mitrandraka izany. Ary farany, manankarena tanora isika, tanora izay antoky ny ankehitriny sy ny ho avy, tanora mangetaheta fandrosoana sy fiovana. Hijoro aho hanampy ireo tanora namako ireo amin'izay kely takatro sy ananako. Vonona hizara sy hifanoro ary hifampitarika any amin'ny tsaratsara kokoa hatrany koa mba ho avin'ny firenena tokoa. «Hiranga ny tanora malagasy! Hiranga i Gasikara! »

**Nangonion'i Tiaray R**

Festival Somaroho andiany faha-10

# Maro be ireo olona tonga any Nosy be amin'izao

Nanomboka ny 2 aogositra teo ny festival Somaroho tanterahina any Nosy be. Maro be ireo olona tonga any an-toerana manatrika izany. Raha araka ny resaka nifanaovana tamin'ny tomponandraikitra maromaro tamin'ireo hotely fandraisambahiny any an-toerana dia betsaka ireo nanao famandrihan-toerana talohan'ity hetsika goavana ity, ary dia tafiditra anatin'ny daty hanaovana izany avokoa ny andro ipetrahan'izy ireo ao Nosy be ao, izay raha tsiahivina dia mifarana amin'ny 13 aogositra izao. Araka izany dia ity "festival" ity mihitsy no hovonjen'izy ireo any an-toerana any. Raha araka ny resaka nifanaovana tamin'izy ireo hatrany ihany dia samy liana amin'izany avokoa na ny vahiny na ny Malagasy. Raha tsiahivina moa dia misy isan-taona ity hetsika ity. I Wawa, mpanjakan'ny salegy, no namorona azy ity ary amin'ity andiany ity dia hankalaza ny faha-20 taona nihirana koa izy ka hanolotra fampisehoana goavana. Tanjona ho azy ny hampahafantatra ny tanàn'i Nosy be amin'ny olona rehetra, na ny Malagasy na ny vahiny. Te hampiseho ireo toerana manan-tantara ao an-toerana izy. Eo koa ireo kolontsaina mampiavaka ny any Nosy be. Fa anisan'ny tena tanjona goavana tiany hotratrarina koa dia ny hampandroso ny ao Nosy be. Tsara homarihina mantsy fa isaky ny manao ity hetsika ity izy ireo dia manao asa sosialy iray lehibe. Eo ohatra ny fanavaozana kianja, eo ny fanamboarana hopitaly sy ny sisa. Maro be moa ny zavatra atao mandritra izany. Eo ny hetsika koltoraly ahitana karazam-pampisehoana maro be handraisan'ny mpanakanto malagasy sy vahiny anjara. Ho amin'ity andiany ity izao dia misy dimy eo ireo mpanakanto mandray anjara amin'izany ary anisan'ny goavana amin'izy ireo i Goulam. Eo koa ny hetsika ara-panatanjahantena ahitana fifaninanana maromaro, ary misy koa ny karazan-dalao ahazoana loka. Tsy adino koa n'y "tombola" goavana.



**"Carnaval" lehibe no nanokafana ny hetsika.**

**Tanya.R**

# ZOMA MAHAFINARITRA

Jaojoby

### Hifamotoana amin'ny mpankafy eny Anosizato

Anio hanomboka amin'ny 7 ora hariva, ao amin'ny Santilo eny Anosizato, no hifamotoana amin'ny mpankafy azy i Jaojoby, ilay mpanjakan'ny Salegy. Tsy misy vidim-pidirana io fa ny fandraisana anjara amin'ny fividianana zava-pisotro sy tsakitsaky sy sakafo efa omanin'ny Food Court no solony.

Tirike

### Hanolotra seho miavaka etsy amin'ny Le Glacier Analakely

Mandalo eto Madagasikara amin'izao fotoana izao i Tirike. Hanafana hetsika maro eto an-tanindrazana izy amin'ity volana aogositra ity. Hanana ny anjarany ny eto Antananarivo ka ny anio hanomboka amin'ny 9 ora alina dia hanolotra fampisehoana miavaka ao amin'ny Le Glacier Analakely. Nampalaza azy ny Mozika tsapiky avy any amin'ny faritra atsimon'ny Nosy. Santionany amin'ny hira nampalaza azy ilay hoe " Manimbaly", "Ovay fombanao", "Vinanto" sy ny maro hafa.

Fara Gloum, Lilie, Manoa

### Hampiara-peo etsy amin'ny Piment Café Behoririka,

Anio zoma hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany alina no hiakatsehatra etsy amin'ny Piment Café etsy Behoririka i Fara Gloum, Lilie ary Manoa. Samy manana ny hanitra ho azy izy telo vavy ary samy manana ny aingam-panahiny ihany koa, saingy noho ny fangatahan'ny maro dia izao hiaray sehatra ka hampiara-peo izao.

**Nangonin'i Tiaray R**

## Izy no izy

Fiadanantsoa Sidonie

# Kalazavavy amin'ny baolina kitra

*Izy no atleta malagasy nandrombaka medaly volamena voalohany mandritra ny Lalaon'ny Frankofonia, tanterahina atsy Kinshasa RDC. Nibata medaly volamena roa tany amin'ny Lalaon'ny Nosy, notanterahina tany Maorisy 2019. Izy no atleta hampahafantarina eto amin'ny Izy no izy anio.*

Fiadanantsoa Sidonie no anarany feno, zanak'i Medana sy Mananasoa Esther. 8 mianadahy izy ireo no mpiray tampo ka zanaka faha-4 i Sidonie. Tamin'ny taona 2020 izy no afaka baccalauréat. Ankoatra ny atletisma dia nilalao baolina kitra ihany koa izy. Tamin'ny 2016 no nanomboka nanao atletisma ny tenany. Coach Loïc sy maître Fleurisse no nitarika azy. Tsy niandry ela fa nandrombaka sahady ny anaramboninahitra ho tompondakan'i Madagasikara ny tenany tamin'io taona 2016 io ary hatramin'izao dia mbola tsy votsotra eo ampelatanany izany. Ankoatra izay, efa nahazo ny laharana faha-5 tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Frantsa, ho an'ny sokajy espoirs tamin' ny 2021. Mbola faha-5 koa tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Frantsa anaty efitrano (élite) tamin'ny 2022. Efa nandray anjara tamin'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany anaty efitrano tany Belgrade (2022), sy fiadiana ny tompondaka eran-tany tamin'ny kianja tsy mitafo tany Oregon USA(2022). Nandrombaka medaly volamena roa tany amin'ny Lalaon'ny Nosy 2019 tany Maorisy. Efa niatrika lalao famaranana ny "jeux africains" ihany koa tamin'ny 2019. Laharana faha-5 tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika 2022 ary anisan'ny nahazo "chevalier de l'ordre" tamin' ny 2019. Ny "fruit de mer" no sakafo tena tiany ary ny manjono no fialamboliny. Ny nandrombahany ny tompondaka tamin'ny Lalaon'ny Frankofonia teo iny, izay sambany nandray anjara tamin'izany no fahatsiarovana tsara ho azy. Maro kosa ny fahatsiarovana ratsy tsy hadinony hatramin'izao. Anisan'izany ny ratra azony 3 volana mialoha ity Lalaon'ny Frankofonia ity. Ankoatra ny hazakazaka sy ny baolina kitra, mahay mahandro sakafo ihany koa izy.



**Anisan'ny atleta manana ny hoaviny i Sidonie Fiadanantsoa.**

**Rabenaivo**

Lalaon'ny Frankofonia

# Efa tsara ambina sy voakarakara tsara ny delegasiona malagasy

Tsy misy ahiana intsony ny mahakasika ny delegasiona malagasy any Kinshasa RDC. Nambaran'ny Tale jeneralin' ny Fanatanjahantena, Rakotozafy Rosa, omaly fa efa ireo mpitandro ny filaminana eny anivon'ny fiadidiana ny filoham-pirenena Congolais no nampiandraiketina ny lafiny fiarovana any an-toerana. Taorian'ny fitarainana nataon'ny atleta malagasy tanatin'ny tambajotran-tserasera dia betsaka ny fanehoan-kevitra nitranga tao. Anisan'izany ny tahotra amin'ny hoavin'ny delegasiona, indrindra fa ireo atleta, izay mbola miatrika fifaninanana any an-toerana. Nohamafisin-dRakotozafy Rosa fa efa nomen'ny fitondram-panjakana malagasy avokoa ireo zavatra rehetra notakiana nahafahantsika nandray anjara. Anisan' izany ny latsakemboka, nahafahana nisakafo sy nahazo ny fampiantranoana. *"Taorian'ny olana nitranga teo amin'ny fampiantranoana sy ny fisakafoanana, nandray andraikitra avy hatrany ny filoham-pirenena tany"*, hoy hatrany Rakotozafy Rosa, saingy mbolèa nisy lesoka ihany ny aratsakafo, satria taraiky ilay mpikarakara ny sakafo. Niverina nifampiresaka indray avy teo ka taorin'izay vao niravona, ary efa mizotra tsara ny any an-toerana.




**Efa milamina ny delegasiona malagasy any Kinshasa RDC, hoy Rakotozafy Rosa omaly.**

**JIOI 2023!**

Nitondra fanazavana mahakasika ny Lalaon'ny Nosy ihany koa ity tale mpanatanteraka eo anivon'ny COJI ity, fa ny ankamaroan'ny asa rehetra dia anatin'ny tanteraka ary ho vita alohan'ny lalao avokoa. Ny fampivondronana dia mandeha tsara ary efa anatin'ny fifantenana ireo atleta farany handrafitra ny ekipam-pirenena ireo federasiona. Amin'ny 19 na 20 aogositra no ho tonga ny lehiben'ny delegasiona voalohany, ahitana an-dry zareo Renioney sy Maorisiana. Hanaraka azy ireo kosa ny hafa. Eny amin'ireo hôtel Ankorondrano, Ivato, Antaninarenina sy ny manodidina kosa no hipetraka ireo vahiny. Ankoatra izay, efa milamina ny lafiny fitaterana ny delegasiona sy atleta rehetra mandritra io Lalaon'ny Nosy Io, raha ny nambaran-dRakotozafy Rosa hatrany.

**Rabenaivo**

Lalaon'ny Nosy 2023 - Andiany faha-11

# 21 andro sisa dia hotanterahina eto amintsika ny fifaninanana

Efa mamofompofona fandraisana ny Lalaon'ny Nosy 2023 ny renivohitr'i Madagasikara amin'izao fotoana izao, noho ny fahitana an'ireo haingo sy saina samihafa, mandravaka sy mihofahofa manerana ny tanàna. Araka ny fandaharam-potoana dia 21 andro sisa no itsahina dia higadona ny andiany faha-11 amin'ity fifaninanana. Fanintelony amin'izao no hampiantranoan'i Madagasikara ny fifaninanana (1990 – 2007), handraisana atleta 2000. Manomboka amin'ny zoma aogositra 2023 ny fifaninanana ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 03 septambra 2023. Firenena fito eto anivon'ny Oseanina Indianina no handray anjara miaraka amintsika, dia i La Réunion – Seychelles – Maldives – Comores – Mayotte – Maurice. Taranja ara-panatanjahantena 19 no niarahan'ireo firenena ireo nanapaka fa hifaninanana, dia ny Atletisma – Badminton – Basketball (3x3 / 5x5) – Ady totohondry – Bisikileta – Baolina kitra – Fibatana fonjamby – Handball – Judo – Karate – Kick boxing – Tolona – Lomano – Kanetibe – Rugby à 7 – Taekwondo – Tenisy – Tenisy ambony latabatra – Volleyball, ary mbola ao anatiny koa ny "handisport". Soritana fa isaky ny efatra taona no anatanterahana ny lalaon'ny nosy. Ifandimbiasan'ny firenena mpikambana ny fandraisana azy. Tsara ampahatsiahivina ny taona nandraisan'ny firenena mpikambana ny lalao, hatramin'ny andiany faha-10 : La Réunion (1979 – 1998 – 2015) – Maurice (1985 – 2003 – 2019) – Seychelles (1993 – 2011). Firenena telo sisa izany no mbola tsy nampiantrano ny lalaon'ny nosy, dia i Comores sy Maldives ary Mayotte. Soritana fa i Maldives no saika handray ity lalao ity fa noho ny fihanaky ny valanaretina Covid dia nihemotra izy, noho ny fahasahiranana nianjady tamin'ny fireneny.



**Efa mihofahofa ny sainan'ny lalao sy ny firenena mpikambana. (Sary : a.r)**

**aris rafaly**

Asief - Tompondakam-pirenena

# Mitarika ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena

5 andro izao no nizoran'ny fifaninanam-pirenena ho an'ny ASIEF any an-drenivohitra Betsimisaraka. Hatreto dia mbola ny avy ao amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena no mitarika amin'ny fandrombahana medaly betsaka. Miisa 18 ny medaly volamena azon'ny atletany, ka mametraka azy ho eo amin'ny laharana voalohany vonjimaika. Nitondra fanamarihana ny filohan'ny ASIEF, Andrianarison Jean Aimé, fa ny tomponandraikitra mpikarakara ny fifaninanana ihany no mandamina ny fandaharan-dalao rehetra, ka tokony hanaraka izany ny mpandray anjara rehetra. Fantatra ihany koa fa nisy ny fivoriana niarahan'ny ASIEF tamin'ny OMC Toamasina, nametrahana ny fepetra rehetra isian'ny filaminana mandritra ity fifaninanam-pirenena ity.

**Rabenaivo**






## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Mividy Mm Feno. Fanaka, kojakoja, kiraro, poketra, TO, debara. Tél : 034.99.736.63 / 033.01.764.83. (G-BA 609/17-9)

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakojan-dakozia. Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 615/20-1)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 614/20-1)

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 613/20-2)

* Debara, kilalao, lakozy, machine, frigo, lamba, kiraro. Tél : 034.61.958.82 / 032.52.755.16. (G-BA 618/12-1)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : spécial vacances. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-10)

* Cours de massage 3 jours ahaizana manotra. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-10)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 617/4-1)

### COURS DE MUSIQUE

* Cours de musique à domicile : Piano, guitare, clavier. Accélérer 2 mois. Tél : 034.53.257.77. (G-BA 612/7-7)

### VIDANGE

* Service vidange fosse septique, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 038.50.054.35. (G-BA 605/15-15)

* Vidange fosse septique, fosse perdu, puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 611/10-8)

Analamahitsy

# Pakistaney roa sy Malagasy roa nahatrarana zanaka " baobab " arivo fototra



Olona efatra no nosavaina trano ka nahatrarana zanaka baobab, anisan'ny zavamaniry atahorana ho lany tamingana. Tokantrano iray tetsy Analamahitsy no nahatrarana an'ireo. Izany dia voararan'ny lalàna araka ny « Loi N 2005-018 » tamin'ny 17 okobra 2005. Voafehin'io andinindalàna io ny mikasika ny fivarotana na fanondranana ny harem-pirenena atahorana ho lany tamingana. Izany hoe ireo biby na zavamaniry arovana. Araka izany dia nosamborina ireo olona ireo, izay nahitana teratany pakistaney roa sy malagasy mirahalahy. Nisy ny fisavana trano efa nazahoana alalana avy tamin'ny fitsarana. Nandritra izany no nahitana ireo zavamaniry zanaka baobab ireo. Olona tsara sitrapo no nanome ny loharanombaovao ka nahafahan'ny zandary avy ao amin'ny brigade Tana Ville nidina ifotony teny an-toerana. Tra-tehaka ireo mpanao varomaizina ireo ka zanaka baobab arivo isa no tratra tao, ilay antsoina amin'ny anarana siantifika hoe « pachipudium », na baobab nain, izay efa milanja ho 2 taonina eo ho eo. Mitohy ny fanadihadiana ny rahaharaha. Efa naterina any amin'ny tomponandraikitry ny rano sy ny ala kosa ireto zavamaniry. Hiakatra fampanoavana tsy hoe ela ny raharaha aorian'ny famotorana raisin' ny zandarimariam-pirenena.

**Ariel D.**

Besalampy

# Ady fitakiana trosa, rangahy iray maty voadonan' ny hazom-pamaky

Mpianakavy ihany izy ireto no nifanditra momba ny resaka fiakiana trosa. Tranga niseho ny alarobia teo tao Andranovorimena, fokontany Ampoza Soarano, kaominina Marovoay Sud, distrikan'i Besalampy. Rangahy iray no maty vokatr'izany. Voadonan'ny vodim-pamaky hazo teny antanan'ilay zana-dralahiny. Fitakiana trosa no niatombohan'ny raharaha ary niezaka nanasaraka an'ireto zanany mpirahalahy sy ny zana-dralahiny niady teo io namoy ny ainy tsy nahy io ilay rangahy, 83 taona. Naratra mafy voan'ilay hazom-pamaky ny lohany. Noho ny fahaverezan-dra be loatra taminy dia tsy tana ny ainy. Raha zohina dia izany hoe rahalahin' ilay namoy ny ainy no manana trosa amin'ity zanany ity. Nisy ny fifamaliana be rehefa notakian' io ny vidin'ny entana nalain'ireo tovolahy ireo.

**Nitsoaka**

Nody ilay nanana trosa kanjo taorian'izay no tonga nanatona an'ireto tovolahy izay nananana trosa ny zanany roa lahy ka raikitra ny fifamalian' izy telo lahy ary rafitra ny ady. Samy nitondra zavamaranitra avokoa izy telolahy ireo ary samy mamo ihany koa, araka ny fanazavana. Rehefa nahita an' izany ady izany ilay rangahy rahalahin'io nanana trosa io dia niezaka nanasaraka an' ireo niady ireo, kanjo voan' ny vohon' ny famaky teny am-pelatanan' ireto tovolahy ireto. Vokatry ny fahaverezan-dra be loatra dia namoy aina ilay raim-pianakaviana 83 taona. Ireo roa lahy nahavanon-doza kosa tafatsoaka nandositra ary tsy tratra, tsy hita hatramin'izao. Nosokafana ny famotorana sy fikarohana azy ireo.

**Ariel D.**

Ambohimangakely

# Jiolahy 2 mpanao fanafihana mitam-piadiana voasambotra

Nanafika tokantrano iray teny Tsarahasina Ambohimangakely ireto jiolahy ireto ny alin'ny 19 jolay lasa teo. Nisy enina izy ireo no nanafika tamin'io, izay niaraka tamin'ny fitaovam-piadiana. Noratrain'izy ireo ny tompontrano ary norobainy ny vola sy ny entana lafo vidy maro tao an-trano. Naratra ihany koa ny tompon-trano. Niroso tamin'ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo olon-dratsy avy hatrany ny zandary avy ao Ambohimangakely sy Soamanandrariny. Vokatr'izany dia trà-tehaky ny zandary ny alahady lasa teo izy roa lahy ireto ary efa natolotra ny Fitsaràna. Mbola mitohy kosa ny fikarohana ireo namany. Raha ny fanazavana hatrany dia tadidin'ireo nihara-boina tsara ny endrik'izy roa lahy ireto satria tsy nisy nisarontava ireo jiolahy tamin'ilay fanafihana nataony.

**R.C**

Mahasolo

# Dahalo raindahiny, maty voatifitra

Ny alarobia alina tokony ho tamin'ny 8 ora dia notafihin' ny dahalo efa-dahy ny tanàna iray atsinanan'i Mahasolo. Omby tokony halefa hiakatra any Antananarivo no nalain'ireto dahalo ireto. Niantso ny fokonolona avy hatrany ny tompon'ny omby ary tonga ara-potoana ireto farany niaraka tamin'ny zandary avy ao amin'ny borigadin'i Mahasolo. Avy hatrany dia nandray ny andraikiny izy ireo ka nanenjika ireo dahalo. Raikitra ny fifanenjehana ka tafaporitsaka ny telo lahy. Ny iray kosa tsy nandositra fa nifanehatra tamin'ireo zandary sy ny fokonolona niaraka tamin'ny basy vita gasy lava iray. Raikitra ny fifandonana ka nitifitra ireo zandary, ka maty tsy dradrano io dahalo io. Araka ny fantatra moa dia dahalo raindahiny nampihorohoro ny mponina ao Mahasolo sy ny manodidina io lavon'ny balan'ny mpitandro filaminana io ary nampitondra faisana ny maro tokoa. Natolotra ny havany ny razana ary mitohy ny fikarohana ireo telo lahy namany. Tafaverina tamin'ny tompony avokoa ny omby rehetra.

**Rablaise**

Ambohimanarina

# Fiara 4x4 nidofotra tamin'ny tamboho, olona 4 naratra

Nisehoan'ny lozam-pifamoivozana teny Ambohimanarina ny alin'ny alarobia hifoha alakamisy teo tokony ho tamin'ny 1 ora. Fiara 4x4 iray no nidofotra tamin'ny tamboho tamin'io fotoana io ka olona efatra tao anatiny no voalaza fa naratra. Tsy fantatra mazava izay antony nahatonga ny loza fa araka ny fanazavana dia hihazo an'Andraharo iny ilay fiara tsy mataho-dalana no tsy nahatana familiana intsony ilay saofera ka izao nivoaka ny lalana tokony nalehany izao ka nifatratra tany amin'ny sisin-dalana nandona tamboho. Dia izay no nitarika ny faharatrana ho an'ireo olona efatra tao anatiny. Ankoatra izay dia nahitana fahasimbana goavana ihany koa ilay fiara. Rava tanteraka araka izany ilay tamboho voatrongy. Efa tonga nidina ifotony nanao fitsirihana teny an-toerana ny polisy raha vantany vao nahafantatra ny zava-niseho. Ilay mpamily an'ilay fiara naratra no tratran'ireo polisy avy ao amin'ny boriborintany fahenina tamin'io ary efa nentina namonjy toeram-pitsaboana taorian'izay. Ireo naratra sasany moa efa lasa notsaboina ka tsy tratran'izy ireo teo intsony. Soa fa tsy nisy ny aina nafoy nandritra ity lozam-pifamoivozana ity.

**T.H**

Anosibe

# 2 lahy norabain'ny 8 lahy nitondra antsy lava lela

Anisan'ny faritra mafana amin'ny resaka fanendahana ny eny amin'ny faritra Anosibe. Ny herinandro lasa teo dia roa lahy avy niasa no norobain'ny jiolahy valo nitondra antsy lava lela. Lasa tamin'izany ny vola, ny akanjo sy kitapo nisy entana, ary finday teny amin'ireo lasibatra. Araka ny fanazavana dia tokony ho tamin'ny 5 ora sy sasany hariva raha avy niasa izy roa lahy ka niara-nandeha antongotra hamonjy ny fiara fitateram-bahoaka hodiany. Ny iray ho eny Anosibe fa ny iray ho eny Anosy. Teny an-dalana izy ireo no nisy andianjiolahy samy nanambana antsy teo amin'ny valahan'izy roa lahy. Nanomboka teo dia tsy tafara-dalana intsony izy roa lahy, satria nizara ireo jiolahy. Jiolahy dimy no nifehy ny lehilahy iray ary ny jiolahy telo hafa niaraka tamin'ilay lehilahy iray hafa. Tonga dia nohodidinin'ireo dimy lahy ilay iray sady niteny izy ireo hoe miaraka aminay ialahy. Dia niara-nandeha teny izy ireo sady nanambana antsy avy any anaty akanjony any ihany ireo jiolahy.

*Sady midaroka ihany ry zalahy amin'io raha vao mitraka mijery azy ilay lasibatra ka mangana ny tarehiny.*

**Tsy misy mahatsikaritra**

Tsy sahy mihetsika na matahotra ilay lasibatra fa dia miaraka mandeha eny. Ny olona rehetra tsy misy mahatsikaritra na inona na inona fa dia toy ny olon-drehetra ihany ny fijery an'ilay lehilahy sy jiolahy miaraka eny an-dalana. Rehefa tonga teny Anosy dia navadik'ireo olon-dratsy tany amin'ny toerana mangingina ilay lehilahy ary nasainy nesoriny ny akanjony. Nalainy ny sakaosy teny aminy, nasainy navoaka izay any am-paosiny. Sady midaroka ihany ry zalahy amin'io raha vao mitraka mijery azy ilay lasibatra ka mangana ny tarehiny. Ilay lehilahy iray nentin' ireo jiolahy telo ihany koa dia voambana antsy sady mandeha eny an-dalana ary io indray tsy tonga teny Anosy fa raha vao nahita toerana mangingina dia nazerany tamin'ny tany ary nitsahina ny lohany dia nosavain-dry zalahy izy hangalarany izay tiany nalaina tany aminy.

**T.H**

midigazetikom@gmail.com

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

*Ilay antsy*




## Hatsikana an-tsary

*Mihoraka*




## Masoandro Miposaka

**Filemona : 4-5**

Misaotra an'Andriamanitro mandrakariva aho, raha mahatsiaro anao amin'ny fivavahako, satria reko ny fitiavanao sy ny finoana izay ananao ho an'i Jesosy Tompo sy ho an'ny olona masina rehetra,

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Be famaritra ny maso, ka mitahiry rakidratsy ny fo.**

Les yeux embrassent beaucoup, et le cœur conserve le mal (qui lui a été fait).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3015**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 3 | | 1 | 5 | 4 | | | |
| 4 | | | | | 7 | | 6 | 2 |
| 8 | 1 | | | | | 5 | | |
| 6 | 8 | | | 2 | | 9 | | |
| 7 | 4 | | 8 | | 5 | | 3 | 6 |
| | | 5 | | 3 | | | 8 | 1 |
| | | 2 | | | | | 9 | 7 |
| 5 | 9 | | 6 | | | | | 8 |
| | | | 9 | 4 | 3 | | 2 | |

Valin'ny laharana **3014**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 3 | 7 | 8 | 4 | 5 | 2 | 6 | 1 |
| 6 | 4 | 1 | 3 | 7 | 2 | 8 | 5 | 9 |
| 5 | 8 | 2 | 6 | 9 | 1 | 7 | 3 | 4 |
| 3 | 1 | 6 | 2 | 8 | 7 | 4 | 9 | 5 |
| 2 | 7 | 9 | 5 | 6 | 4 | 1 | 8 | 3 |
| 4 | 5 | 8 | 1 | 3 | 9 | 6 | 7 | 2 |
| 7 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 9 | 1 | 8 |
| 1 | 9 | 5 | 7 | 2 | 8 | 3 | 4 | 6 |
| 8 | 6 | 4 | 9 | 1 | 3 | 5 | 2 | 7 |

Olon'ny tetezamita talohan'ny 2013

# Manao tsindry hananganana governemanta iraisana

*"Tsy hahafahana miroso sy manatantanteraka ny fifidianana ny fepetra sy ny tontolo politika ankehitriny ", hoy Ing. Beanjara Paul tamin'izany.*

Raha nangingina teo aloha dia nipoitra indray ireo olon' ny fitondrana tetezamita talohan'ny 2013 amin'izao volana vitsivitsy mialoha ny fifidianana izao. Omaly dia nitondra ny fomba fijeriny ny fizotran'ny toe-draharaha politika misy eto Madagasikara ankehitriny ireo mpanao politika ireo. Raha fintinina, mahita ireo olon'ny fitondrana tetezamita ireo fa mahazo vahana eto amin'ny firenena ny tsy fitoviankevitra eo amin'ny samy Malagasy ary mizotra mankany amin'ny sakoroka ny tontolo iainantsika. Antony heverin'izy ireo ho nahatonga izany, araka ny fanazavan'Ing. Ratolojanahary Lucien, filohan'ny fikambanana ivondrona'ireo mpikamban'ny kongesin'ny tetezamita (FMKT), dia satria tsy noraharahain'ny rehetra ny fampiharana ny tondrozotra nivoahana tamin'ireny krizy politika navaivay ireny sy ireo lalàna 63 nandaniana rondoha tamin'izany fotoana izany. Na izany na tsy izany, itovian'ireo olon'ny fitondrana tetezamita ireo hevitra amin'ny mpitondra fanjakana sy ny mpanao politika sasany eo anivon'ny fianakaviamben'ny mpanohitra ny filazana fa zava-dehibe hamoahana ny firenena amin' izao disadisa izao ny hirosoana amin'ny fifidianana mangarahara, eken'ny rehetra ary tsy mitanila. Etsy andanin'izany, milaza ho mahita anefa izy ireo fa tsy hahafahana miroso sy manatantanteraka izany ny fepetra sy ny tontolo politika misy ankehitriny ka takian'izy ireo ny tokony hirosoana amin'ny fifanakalozan-kevitra sy fitadiavana marimaritra vao miroso amin'izany.

**Rombo**

*« Tokony hanana fanetrentena lalina izay mieritreritra ny hilatsaka hofidiana hitondra an'i Madagasikara ka hametraka ho vaindohandraharaha ny fitiavan-tanindrazana. Toy ny mpanao politika maro dia mitaky fifidianana mangarahara, tsy mitanila ary lavitry ny hosoka ihany koa izahay. Rehefa tomorina akaiky anefa ny zava-misy dia tsy hahafahana miroso sy manatantanteraka izany ny fepetra sy ny tontolo politika ankehitriny. Mila mifandray tànana sy mitady ny marimaritra iraisana hahatongavana amin' izany isika. Takianay, araka izany, ny hamerenana ny fandrafetana ny lisi-pifidianana, ny fandaniana lalam-pifidianana vaovao, ny fanovana ireo mpikamban'ny CENI sy ny HCC ary ny fananganana governemanta vaovao hiarahan'ny herivelona rehetra misalahy hitondra antsika any amin'ny fifidianana. Izay ihany ny lalan-tokana hahafahantsika miala amin'ny sahotaka sy ny rombo »*, hoy Ing. Beanjara Paul, Sekretera Jeneralin'ny FMKT tamin'izany. Ao anatin' izany rehetra izany, nanamarika ny Ing. Ratolojanahary Lucien fa fifanakalozankevitra no takian'izy ireo fa tsy tetezamita intsony ary mbola manana volana vitsivitsy hahafahana miroso amin'izany isika.

**Mamy R.**

Olana mikasika ny laza adina bakalôrea

# Tsy ireo 13 mianadahy nadoboka am-ponja no meloka

Nivoaka tamin'ny fahanginany ireo mpampianatra nihiboka nandritra ny andro maro, nandrafitra ny laza adina bakalôrea. « Tsy azo eritreretina ho tany amin'ny fihibohana no nivoahan'ny laza adina alohan'ny fotoana. Antony, hentitra ny fisavan'ny zandary ny mpampianatra nahiboka, teny amin'ny « Villa Soafaniry Ambohibao» ka tsy nahafahana nitondra ankoatra ny fitafiana sy ny kojakoja ilaina. Nosavain'ny zandary ihany koa ny entan' izy ireo, ny 28 jolay, fotoana nialàna tamin'ny toerana nihibohana ary nanaovana fitanana an-tsoratra fa tsy misy ambara (rien à signaler) », hoy izy ireo. Taorian'ny fihibohana dia nandrafitra ny laza adina ny « concepteurs », rehefa voarakitra an-tsoratra ny laza adina ary anjaran'ny ao amin'ny « informatique » no mampiditra azy ao anaty solosaina. Aorian'izay no tanterahina ny « tirage » izay voalaza fa avoaka isaky ny taranja, vao miroso amin'ny fampidirana ny laza adina ao anaty valopy. Araka ny nambaran'ireo nanomana laza adina dia zaraina isaky ny faritany ny fampidirana ny laza adina ao anaty valopy ary asiana « tampon » miisa 4 ka amin'ny faritra ambony fikatonany ny 2 ary ambany ny 2, izay vao asiana scotch manindry ny « cachet » rehetra sy amin'ny sisin'ny valopy azo sokafana.

**Talanjona !**

Aorian'izay dia mandalo fanaraha-maso indroa miantoana ny valopy. Rehefa tonga eo amin'ny dingan'ny fanaovana « paquetage » dia ny olon'ny minisiteran'ny fampianarana ambony no nanohy ny asa, mandra-pahatongan'ny laza adina, any amin'ireo mandray an-tanana izany, isaky ny faritany. Nomarihin' ny loharanom-baovao fa nisy fitanana an-tsoratra avokoa ny dingana rehetra, ankoatra ny fisavana henjana nataon' ny zandary, amin'ireo miditra sy mivoaka ny toerana nanatanterahana ny asa. Nomarihin'ny loharanombaovao ihany koa fa naseho nandritra ny fanadihadiana ireo ny valopy nakàna ny laza adina naparitaka ary voamarina fa tsy nitovy tamin'ny valopy nampiasaina nandritra ny fihibohana. Ankoatra izay dia tsy nitovy ihany koa ny fipetraky ny « cachet ». Fehiny, efa samy mahalala ny nipoiran'ny fandikan-dalàna ny rehetra. Talanjona anefa izy ireo fa nisy tamin'ireo mpanara-maso no nadoboka any Antanimora. Manoloana izany dia mitaky ny hamoahana azy13, tsy manan-tsiny, ireo ny mpampianatra namany.

**V.R.**


TRIBUNAL DE PREMIERE INSTANCE D'ANTSIRABE
JUGEMENT CIVIL N° 606 DU 08 JUIN 2022
NATURE : PRESCRIPTION ACQUISITIVE

SOLOVOLOLONA Mamiarisoa Louisette contre GEORGET Alexandre Marie
DOSSIER N° 943/RG/21/LT
Siégeait : M. ANDRIANJAKAMANANA Haja, Juge près du Tribunal de Première Instance d'Antsirabe, Président
Assisté de Me RAKOTOMANGA Harinirina Finaritra, Greffier tenant la plume
AUDIENCE PUBLIQUE DU MERCREDI HUIT JUIN DEUX MIL VINGT DEUX
A l'audience publique du Mercredi huit Décembre Deux mil vingt-et-un, tenue par le Tribunal de Première Instance d'Antsirabe, statuant en matière civile et en premier ressort, en la salle ordinaire de ses audiences, a été rendu le jugement suivant :
ENTRE : SOLOVOLOLONA Mamiarisoa Louisette, demeurant au Lot 0704 B 195 Ambohimanarivo ; REQUERANTE, comparant et concluant ; d'une part et de GEORGET Alexandre Marie, demeurant à Antsahakely, Lot 04 E440 Antsirabe-I ; REQUIS, non comparant et non concluant d'autre part.
PAR CES MOTIFS
Statuant publiquement, contradictoirement à l'égard de la requérante, en matière civile et en premier ressort ;
Répute le présent jugement contradictoire à l'égard du requis ;
Vidant le jugement avant dire droit n° 1350-ADD en date du 08 Décembre 2021 ; déclare demande fondée ; et y faisant droit ;
- Dit et juge que les deux parcelles cadastrales n° 1133 de la section CD dite " VEREZAMBOLA " d'une contenance de 24 a 87 ca, sise à Verezambola, Commune Urbaine et District d'Antsirabe, est acquise par SOLOVOLOLONA Mamiarisoa Louisette par la voie de la prescription acquisitive avec toutes les conséquences de droit ;
- Annexe au présent jugement ledit plan ;
- Ordonne l'inscription de ses droits sur les livres fonciers après accomplissement de toutes les formalités administratives nécessaires ;
- Laisse les frais de l'instance à la charge de la requérante ;
Ainsi jugé et prononcé en audience publique civile tenue les jour, mois et an que dessus ;
Et la minute du présent jugement a été signée par le Président et le Greffier.
SUIVENT LES SIGNATURES
SUIT LA MENTION D'ENREGISTREMENT
VR : 22.731.000 Ar. - DF : 4.000 Ar. - DE : Art. 02.01.41
Enregistré au bureau du Centre fiscal Antsirabe le 24 Août 2022
Droit d'enregistrement F° 29 N° 06 Vol. AD/23
Reçu : Deux mille Ariary
Le Receveur RANORONIAINA Dina Claudia, Inspecteur des Impôts
G-CL 588/1


## Marina izany !

### Mivaivay ny tsikera!

**Fanapahan-kevitra hafahafa faharoa navoakan'ny minisitry ny atitany ny fanomezana baiko indray ny mpiasam-panjakana isan-tokony eny ifotony, hanao tatitra aminy ny asa vitan'ny fanjakana. Teny midina izay nahazoana tsikera mivaivay avy amin'ny fanoherana. Manoloana izany dia nametra-panontaniana iretsy farany ny amin'ny hoe: nahoana no fotoana fohy alohan'ny hifaranan'ny fe-potoana iasan'ny filohampirenena vao mitaky tatitra mahakasika ny asa vita ny minisitra mpiahy? Amin'ny mpanohitra dia paikady hanaovana fampielezan-kevitra an-kolaka ho an'ny kandidam-panjakana no ao ambadik'izany. Raha ny tokony ho izy, ary heverina fa mitombina ny petrakevitra, dia tokony ho efa fomba fiasan'ny minisitera tantanin'ny minisitry ny atitany ny mitaky tatitra avy amin'ny tompon'andraikitra isan-tokony eo ambany fiahiany, mba hahafantarana ny olana sedrain'ny vahoaka eny ifotony sy hahafahana manome vahaolana. Tsiahivina fa efa nahazoan'ny minisitry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana tsikera mivaivay tamin'ny mpanohitra, eny hatramin'ny mpiara-miombona antoka amintsika any ivelany ihany koa, ny namoahany taratasy, nampahafantatra fa ny mpitondra irery ihany no mahazo mamory vahoaka, volana vitsivitsy lasa izay. Ny tohiny dia ireny niarahan'ny mpanara-baovao nahita tamin'ny haino aman-jery sy ny tambajotra sôsialy ireny fa nanenjana ny mpitandro filaminana, nanakantsakana ny fitsidiham-paritra sy ny famoriam-bahoaka nataon'ny mpanohitra, saingy tsy nanaiky lembenana iretsy farany. Vokany, nananontanona ny fifandonan'ny mpanao pôlitika sy ny mpitandro filaminana nomena baiko! Trangan-javatra tokony nakana lesona mba hisian'ny fitoniana, saingy...!**

**Voahangy Rakotozafy**

Filohan'ny Senat atsy amin'ny nosy La Réunion

# Mifampidinika momba ny fiaraha-miasa ara-toekarena

Manantateraka fitsidihana atsy amin'ny Nosy La Réunion ankehitriny ny delegasiona Malagasy tarihan'ny Filohan'ny Senat Atoa Razafimahefa Herimanana. Mibahan-toerana amin'ny dian'izy ireo amin'izany ny fanamafisana ny fiaraha-miasa indrindra ny dinika mahakasika ny aratoekarena. Vokatry ny fifandraisana matotra eo amin'ny Antenimierandoholona Malagasy sy ny Antenimieran'ny Varotra sy ny Indostria, ny Asa tanana, ary ny fambolena atsy amin'ny Nosy La Réunion. Tanjona lehibe amin'izao fitsidihana izo ny hamporisihana ireo mpandraharaha malagasy mba hisokatra amin'ny tsena aty amin'ny faritry ny ranomasimbe Indiana sy iraisam-pirenena. Nisy moa ny fitsidihan'ny delegasiona malagasy ny toby mpihary herinaratra iray any an-toerana sy ny foibe mpamokatra angovo azo avy amin'ny herin'ny masoandro. Teo koa ny fijerena ny toeram-pamokarana sakafom-biby tantanan'ny Kaoperativa URCOOPA. Marihina fa niaraka tamin'ny Filohan'ny Senat amin'izao diany izao ny Loholona Eddie Fernand Serge sy ny Loholona Manasoa Donnat Tang ary ireo mpandraharaha ara-toekarena maro.

**JUDD**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Seces sampana Fianarantsoa

# Hampikatso ny fampianarana rehetra

Isan'ny antony tsy eken'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra any amin'ny oniversiten'i Fianarantsoa ny fisian'ny tsy fitoviana fomba itantanana azy ireo, indrindra fa ireo vakatera. *"Raha tsy mivaly ny fangatahana sy ny olana rehetra dia mety hikatso ny fampianarana rehetra. Ny zavatra takianay dia ny tambinkarama 2018-2019 ihany ho an'ny mpampianatra raikitra no voavaha. Amin' izao fotoana izao indray dia mbola misy tsy voavaha ny an'ireo mpampianatra vakatera, kanefa izy ireo no mameno ny 70 isanjaton 'ny mpampianatra rehetra ety amin'ny Anjerimanontolo manerana ny Nosy noho ny tsy fahampian'ny mpampianatra"*, hoy ny Pr Andriamanankoavy Faly Herinjaka, filoha lefitry ny Seces sampana Fianarantsoa tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity . Nomarihin'ity mpitarika ny Seces sampana Fianarantsoa ity fa tsy mitovy ny fomba itantanana an'ireo mpampianatra, kanefa dia samy mampianatra ny zana-bahoaka eny anivon'ny oniversiten' Andrainjato. Ampahany kely tamin'ny taona 2018 sy 2019 ihany no mbola voaloa amin'ny tambinkaraman'izy ireo. Niezaka hatrany ny mpampianatra niala nenina, saingy tsy mbola mahafa-po hatreto ny ezaka ataon'ny fanjakana. Notsindrian'ireto sendikàn'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra any Fianarantsoa ireto fa hampikatso tanteraka ny fampianarana rehetra izy ireo raha tsy mivaha ny olana.




**Mety hiafara amin'ny oniversite maty tahaka ny eny Ankatso ny any Andrainjato.**

**Heriniaina A.**

Raharaha CNaPS

# Voatendry ny tale jeneraly, hanao fivoriambe ireo mpiasa

*Mbola tsy nety naneho hevitra ireo mpitarika sendika.*

Nahazo tale jeneraly vaovao ny CNaPS, na ny Tahirim-Pirenena misahana ny Fiahiana Sôsialy. Noraisina nandritra ny filankevitry ny minisitra tamin'ny alarobia lasa teo ny didim-panjakana manendry an-dRahaingonjatovo Vimbina ho tale jeneralin'ny CNaPS. Mbola tsy nety naneho hevitra ny teo anivon'ny sendikan'ny mpiasa rehefa nanontaniana mikasika ity fanendrena ity. Nilaza ny teo anivon'ny sendika omaly fa mbola ao anatin'ny fivoriana tanteraka izy ireo ary mbola hiantso ireo mpiasa anatin'ny fivoriambe. Aorian'ity fivoriambe ity, araka izany, vao tena ho fantatra ny hevitr'ireo mpiasa. Anisan'ny notakian' ireo farany tao anatin'ny tolona nataony ny fametrahana tale jeneraly vaovao mahafehy ny asany sy sahy mijoro amin'ny fanaovana tantely afa-drakotra. Raha zohiana ny fandehan-draharaha dia efa nivaly avokoa ny fangatahan'ireo mpiasa nanao fitokonana, satria efa navoaka ny fonja ny tale jeneraly mpisolo toerana na dia mbola eo ambany fanarahamason'ny Fitsarana aza. Efa nivaha koa ny olana tamin'ny fangejana ny tetibola natokana ho an'ny fandaniana, ary efa voatendry ny tale jeneraly vaovao. Efa misokatra mandritra ny tontolo andro koa ny birao rehetra manerana ny Nosy nanomboka tamin'ny alarobia lasa teo taorian'ny fifampiresahana tamin'ireo mpikamban'ny governemanta. Na izany aza dia mbola andrasana ny tohin'ny fanadihadiana mikasika ireo raharaha fanodinkodinambola efa an-taonany maro teo anivon'ny CNaPS. Maro ihany koa ireo orinasa nindram-bola tao amin'ity Tahirim-pirenena ity no voalaza fa tsy mahaverimbola, ka mampametraka ahiahy amin'ny ho avy amin'ny mpikambana.



**Naharitra iray volana mahery ny fitokonana nataon'ireo mpiasa. (Tahirin-tsary)**

**R. Muray**

Manakara, Farafangana ary Mananjary

# Hananganana tsena telo ireo mpivarotra

*"Olona 5000 no afaka hivarotra sy hahazo toerana eo amin'ireo tsena ireo"*

Ho fitsinjovana an'ireo mpivarotra any Manakara, Farafangana ary Mananjary, any amin'ny Faritra telo amin'iny Atsimo Atsinanana rehetra iny, dia hananganana tsena telo ireo mpivarotra amin'ireo renivohiparitra ireo. Raha loharanom-baovao azonay dia olona 5 000 no afaka hivarotra sy hahazo toerana eo amin'ireo tsena ireo ka 4 000 amin'ireo dia ireo olona voatery nifindra monina noho ny rivodoza, Batsirai sy Emnati, ary ny olona 1 000 kosa dia ireo efa mponina avy eo an-toerana ihany. Tontosa omaly ny fametrahana vato fototry ny tsena tao Tanambao Mananjary, izay vokatry ny fiaraha-miasa teo amin'ny OIM ary vatsian'ny masoivon'ny firenena japonyey vola. Iray amin'ireo tsena hapetraka ihany ity ao Mananjary ity, satria tsena hihatra amin'ny toerana 3 no hatsangana, dia i Manakara, Mananjary ary Farafangana, araka ny efa nambara teny aloha.



**Ireo tomponandraikitra rehetra nandritra ny fametrahana ny vato fototra.**

**Sivana**

*"Tanjona ny hanampiana an'ireo olona hiarina amin'ny fiainany, indrindra fa ny lafiny ara-tsosialy sy ara-toekarenana, izay tafiditra ao anatin' ny tetikasa SOREBE"*, hoy Rtoa Rakotonirina Miarisoa Patricia, Sekretera jeneralin' ny Minisiteran'ny Mponina tonga tany an-toerana nisolo tena ny minisitra Soafilira Princia. Fantatra fa haharitra roa volana ny fe-potoana hananganana an'ireto tsena ireto. Aorian'izany dia hisy ny sivana hatao amin'ny fanomezana an'ireo olona 5000 ho afaka hisitraka ny toerana hivarotany. Hisy ny fiarahan'ny Minisiteran'ny Mponina sy ireo tomponandraikitra any an-toerana ary ny OIM. Mbola isan'ny fahazaran'ny olona any amin'ireo faritra telo ireo ny mametraka amin'ny tany ny vokatra na ny entana amidy, ka "sachet" na ravina no atao lafika amin'izany eny an-tsena.

**Heriniaina A.**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Raha ny fiainan-tokantrano mafy orina mateza no asiana teny kely, dia aleo manorina izany amin'ny taona tena matotra hahatonga azy ho mafy fatotra. Ny FITIAVANA lehibe no vonan-tady sy kofehy."
Ny Vetso (06 .04. 14)
("Les ménages les plus heureux se sont mariés après 28 ans."JOYCE)

Razafindralambo Vola Lalaina

# "Latsaka ambany dia ambany ny fahefa-mividin' ny mpanjifa"



**Razafindralambo Vola Lalaina, filohan'ny MCI. (Tahirin-tsary)**

Vaky vava ireo mpiaro ny zon'ny mpanjifa manoloana ny zava-misy ankehitriny. *"Efa tsy tanty intsony ny fisondrobidim-piainana. Latsaka ambany dia ambany ny fahefa-mividin'ny mpanjifa malagasy. Ny karama farany ambany eto amintsika no anisan'ny ambany indrindra aty Afrika, kanefa mbola betsaka ireo mpiasa amin'ny tsy mainkina mandray karama ambanin'ny karama farany ambany. Ny vola malagasy anefa tsy mitsahatra ny mihen-danja, kanefa isika vao mainka mihamanafatra entana avy any Ivelany ihany."*, hoy Razafindralambo Vola Lalaina, filohan'ny MCI (Mouvement des Citoyens contre l'Infalation. Anisan'ny tena mampikaikaika ny mpanjifa ny fidangan'ny vidin'entana ilaina andavanandro taorian'ny krizy ara-pahasalamana tamin'ny "Covid-19" andaniny ary ny fipoahan'ny ady teo amin'i Rosia Sy Okraina ankilany. Efa mba nahitana fihenana ny vidimbary, izay foto-tsakafon'ny Malagasy, nanomboka tamin'ny fahataperan'ny fotoan'ny maitso ahitra nanomboka tamin'ny volana aprily lasa teo, saingy efa mananika ny 3 000 Ariary indray ny kilaony ankehitriny.

**Mila mamokatra**

*"Misy ny vahaolana azo atolotra. Voalohany, mila mamokatra isika. Iaraha-mahalala fa ny 80 isanjaton'ny entana ampiasaintsika dia avy any ampitan-dranomasina avokoa. Tokony hihena any amin'ny 65 isanjato io taha io fara faharatsiny mba hifanahatsahana ny fanondranana entana sy ny fanafarana entana. Faharoa, tokony hampiasaina amin'ny fanarenana ny sandan'ny vola malagasy ireo volamena ao amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara. Fahatelo farany, ilaina koa ny fananana finiavana politika avy amin'ny mpitondra fanjakana"*, hoy hatrany ity mpiaro ny zon'ny mpanjifa ity. Tsy ny eto Madagasikara ihany anefa no mikaikaika amin'ny fisondro-bidim-piainana fa ny firenena maro any ampitan-dranomasina ihany koa. Anisan'ny vahaolana noraisin'ny Banky Foibe any Erôpa sy ny Banky Foibe any Etazonia, ohatra, ny fampiakarana ny tahan'ny zanabola amin'ny fampindramam-bola mba hahafahana mifehy ny fitobahan'ny vola eo amin'ny toekarena, izay mitarika amin'ny fiakaran'ny vidin'entana.

**R. Muray**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo **B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 214 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Ravimbomanga endasina sy akoho

Ho an'ny olona: 4
Fotoana ikarakarana azy: 10 mn
Fotoana iketrehana azy : 20 mn
Akora ilaina : Menaka, anana (ravim-bomanga na anamamy), tongolo lay, sira dipoavatra, akoho ½ kilao
Fikarakarana ravimbomanga endasina sy akoho:
Hafanaina mahamay tsara ny menaka, arotsaka ny anana, atao mahery be ny afo.
Arotsaka ny tongolo lay voatoto tsara sy ny sira, tsy saromana mihitsy. Vao hita fa mifitsaka ny anana dia esorina. Rehefa mahery ny afo tsy mitera-drano ny anana. Ny akoho asiana sira sy dipoavatra dia endasina ho mendy.
Fanamarihana :Atao betsaka ny anana fa mifintina be. Azo asiana "sauce d'huitre" kely koa.